ANKARAOBATO

# ZAZA TELO NIHINANA MOFO-ANANA, ROA NAMOY NY AINY

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7628 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Alakamisy 27 jolay 2023


MARINA IZANY !

## BE LOATRA NY TANDREVAKA

7

LALAON'NY NOSY 2023

2



## "HO AVY DAHOLO IREO DELEGASIONA VAHINY"

RAHARAHA CNaPS

3

# NAMPANANTSOIN'NY MINISITRA SY NY FFKM NY SOLONTENAN'NY MPIASA

FANDRIAMPAHALEMANA SY FITONIANA

4



# RAIKITRA NY FIKAONANDOHAM-PARITRA

KOMITIN'NY FANAVOTAM-PIRENENA

7



## MIADY MAFY NY HIJOROAN'NY GOVERNEMANTA IRAISANA

GAZETY VALIHA ho hitanao ato

8

KIANJAN'NY HIRA GASY

2

## HOTOKANANA AMIN'NY ALAHADY IZAO







Kianjan'ny Hira gasy

# Hotokanana amin'ny alahady izao

Ny Alahady ho avy izao manomboka amin'ny 1 ora tolakandro, no hanokanana ilay kianjan'ny hira gasy izay efa fanambin'ny fitondram-panjakana efa ela. Izao vao vita ity fotodrafitrasa ity ; eo amin'ny Lâlana Ralambo Émile ambadiky ny Tranombokim-pirenena Anosy moa no misy izany. Entina hanamarihana ity fanokanana ity moa dia hisy hira gasy goavana izay hifanandrinan'ny tarika Rapaulson Fenoarivo Gara sy ny tarika Ratoveloson Etienne Ambatonapoaka amin'io. Maimaimpoana fa tsy misy vidimpidirana saingy ho voafetra kosa ny toerana. Raha tsiahivina, anisan'ny efa nosokajiana ho vakoka



Hakotrokotroka ny fihainoana hira gasy amin'io.

Malagasy ny hira gasy, amin'ny maha hoe hira gasy azy izay indrindra mantsy dia isika eto Madagasikara eto ihany no manao azy ity ary manana mpihira gasy maro isika izay samy manana ny talentany avy. Miresaka ity farany dia tsara tokoa ny manamarika fa anisan'ny nahatonga ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina hanao izao fotodrafitrasa izao ny fanomezana lanja ireo mpihira gasy ireo fa indrindra ny hampiakatra avo ny lazan'ny hira gasy eto amintsika. Tanjona ny mba handovàn'ny taranaka aty aoriana izany fa ihany koa ny mba ankafizan'izy ireo izany mihitsy satria maro amin'ny tanora ankehitriny no tsy mihaino izany intsony, tsy voasarika amin' izany fa dia efa babon'ny hira maoderina amin'izao fotoana. Aorian'ny fitokanana moa dia ho ezahana hatrany ny hanisy fampisehoana hira gasy mba ahafahana manatratra izay tanjona izay ary dia antenaina fa hanohina izany koa ny ankamaroantsika.

**Tanya.R**

Karate - Lalaon'ny Nosy 2023

# Hanolotra valin-kasasarana ho an'ireo atleta mahazo medaly ireo minisitra mpiahy

Tonga nitsidika ny ekipam-pirenena malagasy tetsy amin'ny hôtel Madagascar Hotel By-pass afakomaly ireo minisitera roa mpiahy azy, nahitana ny Minisiteran' ny Atitany sy ny Minisiteran' ny Tanàna vaovao. Tamin' izany no nambaran'ny minisitra Gérard Andriamanohisoa, Minisitry ny Tanàna vaovao, fa efa tsara fiomanana izy ireto saingy tonga hanome tosika azy ihany izahay. Tsara ny manamarika, hoy izy ireto, fa matotra ny fiaraha-miasa amin'ny COJI, indrindra amin'ny fizotran'ny fampivondronana. Nampanantena sahady ireto minisitra mpiahy ireto fa hisy ny valin-kasasarana homena



Nandritra ny fitsidihan'ireo minisitra mpiahy ny ekipam-pirenena tetsy amin'ny by-pass afakomaly. (Sary : Princy)

an'ireo hahazo medaly mandritra ny Lalaon'ny Nosy. Tsy nohadinoina fa hahazo ny anjarany ihany koa ny mpanazatra sy ireo mpitsara. Tsy tonga tamin' ny tanam-polo izy ireto fa nivimbina rano sy yaourt, hoentina manohana hatrany ireto ekipam-pirenena ireto. Tsy hijanona hatreo fa ho avy matetika eny amin'ny hotely hipetrahan'ireto atleta ireto ny minisitra mpiahy, hanaraka akaiky ny fizotran' ny fampivondronana ho an' ireto ankizy ireto. Nisaotra ny fitsidihana sy fanohanana ny ekipam-pirenena ny filohan'ny federasiona, Ratefinanahary Emile. Nambarany fa iray ihany ny federasiona, ka aoka hijanona hatreo ny resaka hafa any ambadika any mampisavorovoro ny sain'ny atleta. Tsiahivina fa 23 ny karatekas hiaro ny voninahipirenena amin'io Lalaon'ny Nosy io. 9 vehivavy ary 14 ny lehilahy. Miisa 16 kosa ny medaly volamena hiadivana.

**Rabenaivo**

FJKM K.F Ankazomanga

# Nahazo sitraka tamin'ny fitantanana nataony ny Sampana Dorkasy

Iray amin'ireo Sampana velona ao amin'ny FJKM Kristy Fiorenana Ankazomanga, mankalaza ny faha-15 taona niorenany ny Dorkasy, izay matotra amin' ny fitantanana ataony. Araka izany dia tsy nisalasala ny Mpitandrina Rakotondramanana Arijaona, nidera ny hetsika ataony amin'ny fampandrosoana ny Asan' Andriamanitra ao amin'ity Fitandremana ao anatin'ny Synodam-Paritany Antananarivo Andrefana 10 ity, izay niorina tamin'ny 7 febroary 2008. Anisan'ireo sampana efatra nitsangana voalohany tao amin'ny FJKM K.F.A izy. Tamin'ny taona 2009 no nanombohany, namonjena fiombonana samihafa teo anivon'ny SPPA10 sy ny foiben'ny Sampana, izay notarihandRtoa Rakotomanga Vero, vadin'ny Mpitandrina Rakotomanga Louis. Tamin'ny



Notokanana tamin'ny fomba ofisialy ny tsangambato faha- 15 taonany (Sary a.r)

taona 2008 dia 30 teo ho eo ny isany, ka amin'izao fotoana izao dia efa mahatratra 80. Mikambana ao anatiny avokoa ny karazana vehivavy ( ankizy, mpitovo, manambady, manan-janaka, manan-jafikely, mpianatra, mpiasa…). Fiainan'ny sampana ny manatanteraka fivoriam-bavaka, arahina fizarana fahaiza-manao na ny "*Mahaiza mandray, mahaiza mizara isan-kerinandro* ", miampy alahady tolakandro indray mandeha isam-bolana. Indroa isambolana no hanaovan'ny vadin'ny Mpitandrina ny fitaizana sy fampianarana Soratra Masina. Maro ny asa mivaingana nataony. Anisan'izany ny fividianana tany, nanorenana sy namitana ny tranon'Andriamanitra. Eo amin'ny asa sosialy dia tsy ataon-dRtoa Solofomalala Fetraharilova Antonia Duvale sy ny ekipany ambanin-javatra ny fanampiana ny ankizy sahirana eny amin'ny manodidina ny fiangonana. Misy ihany koa ny fanampiana isan-taona ny mpikambana manana fahasahiranana, ny mpianatra sy ny raiamandreny manan-janaka miantra ary zokiolona. Tanjona sy vinany ny hahamaro ny Dorkasy, resy lahatry ny Filazantsara. Fanajariana tontolo maitso anatiny sy ivelan'ny trano fiangonana. Nitory ny Tenin'Andriamanitra, nandritra ny fanokafana ny fankalazana ny faha-15 taonany tamin'ny alahady teo, ny Mpitandrina Rafaramalala Trimozafy Dyna, Tonian'ny Sampana Dorkasy Foibe. Tonga nanotrona sy nanome voninahitra an'izany fotoan-dehibe izany Rtoa Lalao Ravalomanana.

**aris rafaly**

Lalaon'ny Nosy 2023

# "Ho avy daholo ny delegasiona vahiny", hoy ny Minisitra André Resampa

Iray volana latsaka sisa, higadona ny andro hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy 2023. Nanamafy ary nitondra fanazavana ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena, André Haja Resampa fa ho raikitra eto Madagasikara ity andiany faha-11 ity. Porofon'izany, hoy izy, efa samy nanao ny fisoratana anarana sy nandefa ny lisitry ny delegasiona avokoa ireo Nosy rahavavy rehetra mpandray anjara, ahitana an'i La Reunion, Maorisy, Seychelles, Kaomoro, Mayotte, Maldives. Midika izany, hoy ingahy Minisitra, fa efa vonona ho avy eto avokoa izy ireo. Vao andro vitsy no nandalo teto ny delegasiona Renioney, izay iraka manokana nalefan'izy ireo, hijery ny fandrosoan'ny fikarakarana sy ny fandraisan'i Madagasikara ity Lalao ity, izay naharitra telo andro. Mialoha ny nialany teto, naneho ny fahafahampony ry zareo, ka andro vitsy monja taorian'izay, namoaka ny lisitra ny delegasiona izy, izay miisa 452. Efa fantatra koa fa efa hoavy eto amintsika koa ireo iraka manokana ho andry zareo Maorisiana, hanomana ny fivahinianan'ny delegasionany. Ry zareo Mahorais koa vao andro vitsy lasa izay no namoaka ny lisitry ny ekipam-pirenena ho an'ny taranja handball sokajy lahy sy vavy, izay ahitana ireo mpilalao avy any amin'ny klioba ivelan'ny firenena, toa ny any La Reunion. Izany rehetra izany no midika, hoy hatrany ingahy Minisitra, fa raikitra ary hoavy avokoa ireo Nosy rehetra mpandray anjara.

**Rabenaivo**

ONG Zara Aina

# Vita ny fotodrafitrasa vaovao !

13 taona eo izao no niorina teto amintsika, teto Antananarivo, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, ONG Zara Aina Madagasikara. Tsy mitady tombotsoa manokana ny fikambanana fa manampy ireo ankizy sahirana hanomana ny ho aviny. Nandritra izay fotoana izay, nindrana trano taman'olona tsara sitrapo ny Ong Zara Aina. Ankehitriny, vita ny fotodrafitrasa vaovao miorina etsy Ankazomanga ka hotokanana amin'ny fomba ofisialy ny asabotsy 29 jolay izao izay hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Olo-manankaja sivily sy miaramila avy amin'ny fitondram-panjakana no nasaina hanatrika ny lanonana. Amin'io zoma maraina io no hisokatra ny fampirantiana maro samihafa ka ny mpianatra sy ankizy beazina sy tezaina ao amin'ny Ong Zara Aina no hampiranty ny sanganasany. Ho hita eo ihany koa anefa ny tantara nolalovan'ny Ong nandritra ny 13 taona nijoroany. Hitohy ny alahady 30 jolay ny hetsika. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro izany. Hisy ny fampisehoana teatra sy mozika ary dihy hataon'ny tarika Maro Anaka sy ireo mpanakanto beazin'ny ONG Zara Aina.

**Fianarana sy fandalinana**

Tsy miova ny tanjon'ny Zara Aina fa ho fanabeazana ireo ankizy sy ny tanora ety aminy toerana iva amin'ny resaka zavakanto sy kolontsaina. Hisy koa ny fianarana mozika isan-karazany ho an'ny olona tsotra hisokatra tsy ho ela. Karazam-pandalinana mozika (conservatoire) izy io fa amin'ny fomba fitendrena malagasy, ary zavamaneno malagasy no hianarana. Rasolofomanana Gaspira sy Louis Zo, Alexandre, izay samy mpanakanto misehatra amin'ny teatra sy mozika ary dihy ary fampianarana feo (vocalise) no tompon'andraikitra voalohany amin'izany. Hotokanana amin'ny fomba ofisialy ny asabotsy 29 jolay izao hanomboka amin'ny 10 ora maraina ny toerana.

**Tiaray R**



13 taona aty aoriana fa nanana trano ho azy manokana ny ONG Zara Aina.

Raharaha CNaPS

# Nampanantsoin'ny Minisitry ny asa sy ny FFKM ny solontenan'ny mpiasa

*Nahemotra ny fihaonana amin'ny mpanao gazety saika natao omaly.*

Tapitra anio ny fe-potoana napetraky ny mpiasan'ny CNaPS nanakatonana ireo birao manerana ny Nosy taorian'ny fanafihana nahazo ny delegen'ny mpiasa iray. Nikasa hitafa tamin'ny mpanao gazety ny solontenan' ny mpiasa omaly rehefa avy nanatanteraka fivoriambe, saingy najanona tamin'ny ora farany noho ny fahazoan'izy ireo antso avy amin'ny Minisitry ny asa sy ny asam-panjakana ary ny fampanana asa sy ny lalàna sôsialy, izay nangataka fihaonana tamin'ireto farany ny marainan'io andro io ihany. Nambaran'ny solontenan'ireo mpiasa koa fa mbola nangataka fihaonana tamin'izy ireo ny andron'ny omaly ihany koa ireo filoham-piangonana efatra mirahalahy eo anivon'ny FFKM. Mbola andrasana araka izany ny vokatr'ireto fihaonana roa sosona ireto.

**Tsy misy mpanao sonia**

Mbola maro ireo zokiolona tonga niandry birao nisokatra teny Ampefiloha omaly. *"Efa tamin'ny 20 jolay izahay no tokony nandray vola. Tsy mety mamoaka vola ny eny amin' ireo ivontoerana mpampindram-bola madinika fakanay ny vola fisotroan-dronono raha tsy voaatitra aty amin' ny CNaPS ny taratasy fanamarinam-pahavelomana. Mikatona foana anefa ny birao isaky ny mba tonga aty izahay. Misy aminay ireto anefa no mipetraka lavitrabe, ka mangataka izahay ny mba hanokafana ny birao."*, hoy ny solontenan'ireo zokiolona mpandray fisotroan-dronono. Voatery tsy maintsy niverina nifanazava tamin'ireto mpikambana ireto ny delegen' ny mpiasa teo anivon'ny CNaPS fa ny fiarovana ny volan'izy ireo tsy ho tratry ny tantely afa-drakotra no mahatonga azy ireo hitokona, ary nambarany fa na hosokafana aza ny birao dia tsy hisy mpanao sonia ny taratasy hoentina mamoaka ny vola noho ny tsy fisian'ny mpitantana. Nanaiky ny fandaminana ireo zokiolona rehefa nohazavaina ny zava-misy ary nisy tamin'izy ireo no nilaza fa vonona hanohana ny tolon'ireo mpiasa.

**R. Muray**

Seces sampana Antananarivo

# Mandiso ny filazana fa misy mpikambana iray voasaringotra tamin'ny nivoahan'ny laza adina

Manoloana ny fiparitahan'ny vaovao tamin'ny tambajotran-tserasera fa niainga hatreny amin'ny Oniversiten' Antananarivo tao amin'ny "faculté des sciences ny tsikombakomba, momba ny nivoahana laza adina nialoha tamin'ny Bakalorea farany teo. Izay nilaza koa fa misy mpikambana mpitarika ny Seces Antananarivo voasaringotra anatin' ity raharaha ity dia nandiso izany ny Seces sampana Antananarivo omaly. *"Naheno tamin'ny namana izahay ary fantatsika fa tany tan-dalàna i Madagasikara: nisy ny resaka cyber-criminalité, ny fampielazana ny vaovao tsy marina indrindra indrindra ny mety ho fanalam-baraka atao ka mety ataon'ny olona fanahy iniana ny manao ohatran'ireny mba ho fiantsiana. Hanao fivoriambe izahay dia ho hita eo ny ho tapaky ny fivoriambe satria tsy marina izany. Voalohany indrindra dia olona anakiray ao anatin'ny biraon'ny Seces no President de jury. Raha hiteny isika fa ny biraon'ny Seces no nanao an'izao sy izao mba diso kosa izany re olona. Aoka mba tsy ho fahanan-dalitra ny vahoka Malagasy, aoka mba tsy ho soketaina ny Seces. Mety halanao ny Seces satria miaro ny zony ary mamaky bantsilana ny tsy mety eto amin'ny tany sy ny firenena fa aza adino fa ny Seces mitoetra hatrany fa ny toerana mandalo. Ambaranay fa ny Seces dia manenjika ary mitaky araka izay sazy farany henjana indrindra, ny fampiharana ny sazy mafy ho an'ireo izay nahavanondoza satria fanapotehana ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa no nataon' ireny fahavalom-pirenena ireny. Miezaka manaramaso izahay ny ety amin'ny Anjerimanontolo indrindra fa ny fizotry ny fitsarana ny taratasim-panadinana"*, hoy ny Pr Ravelonirina Sammy Grègoire, filohan'ny Seces sampana Antananarivo. Tsy hadino fa nihaona tamin' ireo filohan'ny mpianatra rehetra ny Seces mba hisorohana ny mety ho fandikana vilany ary mba tsy hahatompon-trano mihono azy ireo manoloana ny Oniversite maty.

**Heriniaina A.**

Fifamoivoizana

# Mitohana izay tsy izy ny teo Ankorondrano

Nanomboka omaly, nampikaikaika olona maro ny fitohanan'ny fiara teny Ankorondrano sy ny manodidina. Nandany ora maromaro mihitsy ny fiara avy any Ampasampito, Analamahitsy, Antanimena, Ankazomanga, sy ireo fiara avy any amin'ny manodidina vao afaka. Efa nisy filazana ihany nataon'ny fiadidiana ny tanan'Antananarivo Renivohitra fa misy ny asa atao amin'ny fametrahana ireo "pylone" ka tokony hanaraka fandaminana. Araka ny voalaza herinandro maromaro lasa izay, eo anelanelan'ny 26 jolay hatramin' ny 16 aogositra 2023, hisy ny fanapahan-dalana avy eo amin'ny boulevard de l'Europe mivoaka Ankazomanga. Hisy fandaminana ihany koa ny fifamoivoizana eo amin'ny Lalana Ravoninahitriniarivo manoloana ny Materauto Ankorondrano manomboka amin'ny 16 aogositra hatramin'ny 31 aogositra. Torak'izay ihany koa eo amin'ny Lalana Ravoninahitriniarivo manoloana ny Galana ny 22 jolay hatramin'ny 31 aogositra 2023. Ary eo amin'ny Lalana Ravoninahitriniarivo manoloana ny Design Auto Ankorondrano manomboka amin'ny 1 aogositra hatramin'ny 31 aogositra 2023. Vao manomboka ny asa raha ireo daty ireo ka tokony hitady vahaolana ny mponina ka anisan'izany ohatra ny fitadiavana lalana hafa satria hitohana izay tsy izy foana ny fifamoivoizana mandritra ireo vanimpotoana ireo.



Toy izao ny fitohanana nitranga omaly tetsy Ankorondrano.

**Nath**

> **HOTSAKOTSAKOINA**
> "Soa fa nisy fijaliana hanefena ny fiainako. Soa fa niharam-pahoriana, hampangina ny tarainako! »
> Ny Vetso (17. 07. 09)
> ("It is good for me that I have been afflicted; That I might learn thy satatutes." Psalms 119:71)

Fitateram-bahoaka

# Mangataka ny hanitsiana ny saran'ny fitsirihana fiara ny UCTS

Mihetsiketsika ireo mpandraharaha amin'ny fitateram-bahoka eto Antananarivo. *"Hiakatra manomboka amin'ny volana aogositra ho avy izao ny saran'ny fitsirihana fiara. Raha 34 800 Ariary ny sarany teo aloha dia hampiakarina ho 95 000 Ariary. Mangataka izahay ny mba hanitsiana ny sarany fa tena mavesatra aminay mpitatitra loatra ny fampiakarana atao."*, hoy ny filohan'ny UCTS (Union des Coopératives des Transports Suburbains), Rakotoarimanana Fidimalala. Nampiantso mpanao gazety teny amin'ny foiben'ny UCTS ity tomponandraikitra ity omaly. Efa mahoraka eto Antananarivo fa hampiakatra sarandalana ny eo anivon'ny UCTU, na ny Fiombonamben'ny mpitatitra eto an-dRenivohitra, saingy mbola tsy manana eritreritra ny hanaraka ny dian'ireo namany ny eo anivon'ny UCTS, na ny Fiombonamben'ny mpitatitra miasa manodidina ny Renivohitra. *"Tsy maintsy ao anatin'ny fivoriambe no hanapahana ny fikasana hampiakatra sarandalana. Tsy mbola mieritreritra ny hanao fivoriambe mihitsy izahay. Ny antony nampiakaranay sarandalana niaraka tamin'ireo mpitatitra rehetra tamin'ny herintaona dia noho ny fisondrotry ny vidin-tsolika. Raha miakatra kosa anefa ny vidintsolika dia tsy maintsy misondrotra ny sarandalana, satria izany no nifanarahana tamin'ny fanjakana tamin'ny fanitsiana ny sarandalana farany."*, hoy hatrany ity mpandraharaha ity.

**R. Muray**

Hery Rasoamaromaka

# Tena manan-danja ny fakana ny hevitry ny olona rehefa hanao zavatra



**Nidina an-tsehatra nijery ny fizotry ny asa ny governoran'ny faritra Analamanga.**

Nihaona sy nitafa tamin'ny vahoakan'Ambalavao ireo tomponandraikitra rehetra hanatanteraka ny asa fanamboaran-dalana izay mampitohy ny RN7 mihazo an'Andramasina hatrany Ambohimiadana. Tena ilaina hoy i Hery Rasoamaromaka, governoran'ny faritra Analamanga ny maka ny hevitry ny olona rehefa hanao zavatra. Tery dia tery ny arabe ka mba tsy hisian'ny fandravana trano dia hisy ny fanamboarana lalana vaovao. Dieny mbola tsy manomboka ny asa dia tsara ny midina ety ifotony ary mangataka tsodrano amin'ny vahoaka toy izao. Isaorana ny rehetra ary nisy ny marimaritra iraisana ka afaka manomboka ny asa. Notsiahivin'ireo mpitatitra fa rehefa fotoampahavaratra, maharitra herinandro ny hamitana ny halaviran-toerana 150 km monja. Anisan'ny ho faly izahay satria na ny fiara aza tsy ho potika toy ny taloha intsony. Nidina an-tsehatra nanaramaso ny fanombohan'ny asa ny governoran'ny faritra Analamanga Rasoamaromaka Hery, niaraka tamin'ny depiote Ratsivahiny ary ireo ben'ny tanana voakasik'ity fanamboarana fotodrafitrasa ity taorian'ny fifampitafana tamin'ireo teknisianina sy vahoaka.

**Nath**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 610/6-2)

### VIDANGE

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-8)

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-1)

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-15)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-2)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré spécial vacance. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-3)

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-3)

Ankaraobato

# Zaza nihinana mofoanana, roa namoy ny ainy

Zaza roa no namoy ny ainy tao amin'ny fokontany Ambodivoanjo, kaominina Ankarobato, afakomaly hariva. Nihinana mofoanana izy ireo, izay ahiana ho nisy poizina. Ny 2 maty teny andalana, fa ny iray kosa avotra soa aman-tsara rehefa nentina teny amin'ny hopitaly ary efa nalefa nody. Araka ny fanazavana dia mofoanana na mofosakay nendasina ramatoa iray ity nanapoizina zaza ity. Nentin' ireo zaza nody ilay sakafo ary nozarainy tamin'ireo namany ka nitarika izao fahafatesana izao. Telo vavy izy ireo no nihinana ary efa hitan'ny olon-dehibe fa hafahafa ilay izy. Nesorina teny amin'ireto zaza ireto izany kanjo taorian'izay no tsy nahatsiaro tena ireto farany ary tsy tana mihitsy ny ainy. Nezahana nentina teny amin'ny hopitaly ihany saingy efa tsy avotra intsony. Araka ny angom-baovao voamarina fa nihinana sakafo nisy poizina ireo zaza ireo. Efa nosamborin'ny mpitandro filaminana kosa ilay ramatoa nivarotra ny mofo ary rehefa nosavaina ny tranony dia nahitana poizina famonoana biby. Marihina fa efa nampiahiahy ny mponina teny an-toerana ity ramatoa voarohirohy ho nivarotra mofo misy poizina ity. Ny polisy no mandray an-tanana ny raharaha. Marihina fa teny an-dalana tao anaty fiara hihazo toerampitsaboana no tsy azo ilay zaza 2 taona. **Ariel D.**

Tanjombato

# Lehilahy maty voatsindron'antsy teo amin'ny tendany

Lehilahy iray tokony ho 27 taona no maty voatsindron' antsy teny amin'ny faritra Tanjombato teny afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Teo amin'ny tendany no naletran'ilay nahavanondoza ilay zava-maranitra. Nijininika izay tsy izy ny rà ary noho ny ratra mafy nahazo azy io dia nitarika ny fahafatesany izany. Tsy voafaritra mazava izay tena zava-nitranga ka nahatonga azy ho voatsindron'antsy tamin'io fotoana io na nifanehatra tamin'ny olondratsy na zavatra hafa mihitsy no niseho fa dia voa mafy tokoa izy. Nisy nampandre mikasika ny zavaniseho ny polisy teny antoerana ka nandeha nidina ifotony nanao fizahana ny razana. Taorian'izay dia nentina nankany amin'ny tranom-patin'ny hopitaly ilay vatana mangatsiaka. Efa tonga teny rahateo ny fianakavian'ny maty ka rehefa vita ny dingana rehetra tokony natao dia nentin'izy ireo ilay razana hikarakaran' izy ireo ny fandevenana azy. Etsy andaniny dia efa mandeha ihany koa ny famotorana ataon'ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity. Efa mandeha araka izany ny fikarohana ny nahavanon-doza. Araka ny fantatra dia sécurité no asan'ity lehilahy namoy ny ainy ity. **T.H**

Mahabo

# Zaza varira nisy naka an-keriny, efa saika hamidy

Zazalahy varira tokony ho 12 taona indray no nisy naka an-keriny tao Betamenaka, Kaominina Ankalalobe, distrika Belo/Tsiribihina. Dahalo folo nirongo basy no naka an-keriny io zaza varira io. Efa ho herinandro no nitondran'ireo dahalo ilay zaza. Ny 23 jolay lasa teo no nisy nampandre ny zandary tao Mahabo-Menabe fa misy olona mikasa hivarotra zaza varira. Nanao ny fanadihadiana mahakasika izany avy hatrany ny zandary. Natao ny vela-pandrika ka ny ampitson'io no avotra teo am-pelatanan'ireo dahalo tao amin'ny kaominina Ankilivalo-Mahabo ilay zaza varira. Raha ny fanazavàna hatrany dia nandritra ny efatra andro no nitazonan' ireo dahalo ilay zaza tao amin'io toerana io mandrapahitany mpividy. Dahalo telo lahy no tratra niaraka tamin'ilay zaza tamin'io.

**Mpiray tsikombakomba**

Nitohy hatrany ny fikarohana ny namany ka roa lahy indray no tratra tao anaty hotely iray tao Mahabo. Tafakatra sivy ny olona voasambotra, izay voarohirohy tamin'ity raharaha ity satria nanondro ireo rehetra mpiray tsikombakomba taminy ireo dahalo voasambotra rehefa nofotorana. Raha ny fanazavàna hatrany dia toa hoe disadisampiarahamonina no nahatonga ity fakàna an-keriny ity. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka aorian'ny famotorana ataon' ny zandary dia hatolotra ny Fitsaràna ireo rehetra voasambotra. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ny tena atidoha nikotrika ity fakàna an-keriny ity. **R.C**

Amparafaravola

# Rongony 12 gony saron'ny zandary

Mailo avy hatrany ireto roa lahy izay nifanehatra tamin' ny zandary nanao fisafoana tao amin'ny fokontany Beseva sy Tsarasambo, kaominina Beanana, distrikan'Amparafaravola ny Alatsinainy teo tokony ho tamin'ny 5ora hariva. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana avy hatrany izy ireo. Fantatra tamin'izany fa manafina rongony ao amin'ny tananan'Amparihibato izy ireo. Nanoro ireo namany ihany koa izy roa lahy ireto ka rehefa natao ny velapandrika dia telo lahy no voasambotra. Tratra ihany koa ny rongony roa ambinifolo gony milanja 137 kilao. Notazonin'ny zandary avokoa izy dimy lahy ireo ary hatolotra ny Fitsaràna. Nogiazana ihany koa ireo rongony tratra ary hodorana eo anatrehan'ny manampahefana aorian'ny fanadihadiana hataon'ny zandary. Mitohy ny famongorona ny fiparitahan'ny zavamahadomelina eny anivon'ny fiarahamonina, izay ilàna ny fiaraha-mientan'ny rehetra. **R.C**

Fandriampahalemana sy fitoniana

# Raikitra ny fikaonandohamparitra

*« Miara-miasa ho an'ny fandriampahaleman'ny Firenena ».* Io no lohahevitra nampitondraina ny fihaonambe iraisamparitra mikasika ny fiarovana sy ny filaminana. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy izany, omaly tao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena. Any Morondava renivohitry ny faritra Menabe kosa no hanomboahana azy amin'ny fahatelo sy fahefatry ny volana Aogositra ity. Faritra dimy mifanolo-bodirindrina no hiara-hisalahy amin'izany dia Melaky, Atsimo Andrefana, Vakinankaratra, Bongolava . Tsy tongatonga ho azy ity fikaonandoham-paritra ity. Mafana ny raharaha politika ankehitriny ary mifandraika amin'izany ny tsy fandriampahalemana. Noho izany dia hodinihina manokana ny fiatrehana ny fotoana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana.

"Hiatrika fifidianana isika afaka volana vitsy, noho izany dia mila fandriampahalemana sy filaminana ny vahoaka mba ahafahan'ny maneho ny heviny amin'ny latsa-bato": hoy ny Minisitry ny fiarovam-pirenena Andriamatoa Rakotoarijaona Josoa. Nampitandrina an'ireo mieritreritra hanakorontana eto amin'ny Firenena ity lehiben'ny Foloalindahy ity. Nilaza izy fa tsy hitandro hasasarana ny mpitandro filaminana manoloana izany mba handaminana sy hitazomana ny filaminana.

**Asan-dahalo**

Taorian'ny fandraisam-pitenena dia nisy ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety notarihin'ny Minisitry ny Fiarovampirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa niaraka tamin'ireo mpikambana eo anivon'ny Governemanta nahitana ny Minisitrin'ny filaminam-bahoaka, ny Minisitry ny serasera sy ny kolotsaina ary ny Sekeretera mpanjaka eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimaria, miaraka amin'ireo Governoran'ny faritra Menabe sy Vakinankaratra ary ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny Tafika Malagasy. Nampatsiahy ny SEG fa mila mitandrina satria misy ny fihantsiana na ny "*provocation*" ataon'ny mpanao politika, izay miendrika fampizarazarana sy ny fampiadiana ka tsy tokony ho variana ny mpitandro filaminana ary tsy hanaiky ny fihantsiana. Tanjona manokana amin'ity hetsika dinikasam-paritra ity ny hitandroana ny filaminana ary voakasik'izany ireo tomponandraikitra eny ifotony sy ny vahoaka. Nosafidiana manokana ny any Menabe noho iny faritra iny mafanafana amin'ny resaka tsy fandriampahalemana.Ohatra amin'izany ireny tranga tao Mandoto ireny izay nahafatesana miaramila, ny resaka asan-dahalo sy ny halatr'omby, izay mampikaikaika ny tantsaha….sns.

**Ariel D.**

Ankadindratombo

# Voatafika ny "Shop Liantsoa", lehilahy iray maty voatifitra

Nisy nanafika ny toeram-pivarotana « Shop Liantsoa » etsy Ankadindratombo Alasora,omaly tokony ho tamin'ny 7 ora alina. Lehilahy iray no maty voatifitra vokatr'izany. Gorobaky ny bala teo amin'ny lohany io tsy manantsiny io. Raha ny fanazavana dia mpamily "taxi" ity voatifitra ity. Tsy mbola voafaritra mazava kosa ny isan'ireo olon-dratsy namita ilay asa ratsy sy izay zavatra voaroban'izy ireo. Taorian'ny fanafihana dia nandositra nihazo ny lalana mankany Mahazoarivo iny ireto tsy mataho-tody. Manaporofo izao fa tsy mandry fahalemana ny eto an-drenivohitra. Tsara ho marihina fa misy polisy vitsivitsy miasa mandamina fifamoivoizana eo amin'ny manodidina eo. Izany hoe tsy nanana ahiahiahy mihitsy ireo jiolahy fa sahy nanao ilay fanafihana ihany na dia misy mpitandro filaminana aza eny an-toerana.

**Ariel D.**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Ravaka




## Hatsikana an-tsary

Lakana




## Masoandro iposaka

**Deoteronomia 10:12**

Ary ankehitriny, ry Isiraely ô, inona moa no ilain'i Jehovah Andriamanitrao aminao, afa-tsy ny hatahotra an'i Jehovah Andriamanitrao sy ny handeha amin'ny lalany rehetra ary ny ho tia Azy sy hanompo an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra,

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mpandrava efa, toa voalavo.**

Un destructeur de ce qui est achevé, tel un rat.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3008**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | | | | | | | | |
| | | | | 2 | | | | 1 |
| | 7 | | | | | 8 | 5 | |
| 3 | | | 6 | 4 | | | 9 | 5 |
| 5 | | | | | | | 6 | |
| 1 | | 6 | | | | | | |
| | | | | 3 | 1 | 5 | | |
| | | | 2 | 7 | | | 4 | |
| | | | 4 | 5 | 8 | 2 | | |

Valin'ny laharana **3007**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 2 | 8 | 9 | 1 | 7 | 3 | 4 | 6 |
| 7 | 6 | 4 | 3 | 2 | 8 | 5 | 1 | 9 |
| 3 | 9 | 1 | 6 | 5 | 4 | 7 | 2 | 8 |
| 8 | 1 | 3 | 2 | 7 | 9 | 6 | 5 | 4 |
| 9 | 7 | 2 | 5 | 4 | 6 | 8 | 3 | 1 |
| 4 | 5 | 6 | 8 | 3 | 1 | 2 | 9 | 7 |
| 1 | 4 | 5 | 7 | 6 | 3 | 9 | 8 | 2 |
| 6 | 3 | 9 | 1 | 8 | 2 | 4 | 7 | 5 |
| 2 | 8 | 7 | 4 | 9 | 5 | 1 | 6 | 3 |

Komitin'ny fanavotam-pirenena

# Miady mafy ny hisian'ny governemanta iraisana

Naharitra adim-pamantaranandro maro ny fivoriana nandinihan'ireo mpanao politika eo anivon'ny fianakaviamben'ny mpanohitra ny raharaham-pirenena teny amin'ny Espace Dera, omaly. Tafatsangana nandritra izany ny komitin'ny fanavotam-pirenena, izay tarihan' ireo kandida filoham-pirenena tamin'ny 2018 sy ireo mieritreritra ny hilatsaka ho fidiana amin'ny fifidianana manaraka. Nahitana solontena nanatrika izany na ny teo anivon'ny RMDM na ny Vondrona Panorama na ny C-Lera raha toa ka tsy hita ny avy amin'ny antoko TIM sy ireo mpomba ny fitondrana na dia voalaza ho samy nandefasana fanasana aza. Miainga amin'ny fanehoan-kevitra nifandimbiasana dia hita ho mbola manosika mafy ny hisian'ny fifampidinihana sy ny hananganana governemanta iraisana ireo lohandohan'ny mpisorona mandrafitra io komity vaovao natsangana io. Nilaza ohatra ny Pasteur Edouard Tsarahame fa tsy hifantoka fotsiny amin'ny fanatsarana ny fifidianana toy ny FFKM fotsiny ity komitin'ny fanavotam-pirenena ity fa hijery akaiky ny fomba hisorohana ny fifandonana eo amin'ny samy malagasy na mialoha na mandritra na aorian'izany fifidianana izany.

**Ady lehibe**

Nahitsy kosa ny mpitsara am-perinasa iray, izay nisafidy ny tsy ho tononina anarana raha nilaza fa tsy misy afa-tsy ny governemanata iraisana na tetezamita ihany no vahaolana hahafahana manavotra ny firenena ankehitriny sy hialàna amin'ny fanaovana sorona ny Malagasy indray. Mihevitra ny tenany ao anatin'izany fa raha tanjon' ny rehetra ny htsy hiverenan'ny krizy politika eto dia mila iarahana midinika ny lalàmpanorenana sy ny lalàm-pifidianana. Mifanindran-dàlana amin'izany, nilaza ny ny Minisitra teo aloha Reboza Julien, raha nitondra ny heviny fa na dia ny ady lehibe maneran-tany aza dia niafara tamin'ny latabatra boribory hatrany koa inona no manakana antsika tsy hiroso amin' izany hitady ny marimaritra iraisana ho fanavotam-pirenena.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Sesilany tato ho ato ny fivoriana ataon'ny sokajin-kery samihafa

Misafotofoto ny toe-draharaham-pirenena eto amintsika, efapolo andro eo ho eo mialoha ny fe-potoana ambaran'ny lalam-panorenana hametrahan'ny filoha ny fialàny. Ny mpitondra amin'ny ankapobeny, toa miloloha rano roa siny satria sady manomana fifidianana no hiatrika ny lalaon'ny nosy. Hany ka ahiana na tsy hisy na samy tsy ho tomombana na ilay voalohany na ny faharoa noho ny hoentimanana tsy maharaka, andaniny. Ary noho ny tsy fahalavorarian'ny fitaovana sy ny fotodrafitrasa atao ankamehana, ankilany raha tsy hiresaka afa-tsy ny fandraisana ny taranja lomano. Toy izany koa ny faharatsian' ny lalana sy ny loto manerana ny tanàna, ahiana tsy ho voalamina ao anatin'ny fotoana fohy. Ny fandraisana fanapahan-kevitra rahateo matetika tandrametaka, amin'ny ankapobeny.

**Fanoherana !**

Ny aty amin'ny hery fanoherana, misesisesy tato ho ato ny fivorian'ny mpanao pôlitika, miezaka mampitovy tadin-dokanga mba hahatongavana amin'ny tanjona. Tamin'ny talata ohatra dia nanatanteraka fivoriana, teny Ivato ny ankolafy iray, nahitana minisitra teo aloha, lehiben'ny antoko pôlitika. Omaly dia ampahany hafa indray no nivory, teny Tsiadana. Na dia tsy nisy nipika aza ny votoatin'ny dinika dia azo vinavinaina ho voaresaka ny paikady hiatrehana ny hosoka manodidina ny fifidianana, rehefa tsy maintsy hirosoana. Na ny fametrahana ny rafitra ifanarahana hanomana ny fifidianana. Ankoatra izay, nahazoam-baovao marimpototra ihany koa fa miezaka manaraka akaiky ny raharaham-pirenena tato ho ato ireo manamboninahitra jeneraly efa misotro ronono. Toy izany koa ny raiamandreny amam-panahy. Samy andrasana ny fivoaran'ny toe-draharaha sy ny fanapahan-kevitra ho raisin'izy ireo tsirairay avy!

**V.R.**

Fivoriana momba ny fampivoarana ny maha olona any Tanzanie

# Nanasongadina ny ezaka vitan'ny fitondrana tarihany ny Filoha Rajoelina

Nifarana omaly tany Dar Es Salam Tanzanie ny fivoriana an-tampony momba ny fampivorana ny maha olona na "Capital Humain". Isan' ireo Filoham-panjakana nandray anjara tamin'izany ny Filoha Andry Rajoelina. Nandritra ny fandraisampitenenany no nanasongadinany ny ezaka vitan'ny fitondram-panjakana izay tarihany mikasika ny fampivoarana ny maha olona. Tafiditra ao anatin'izany ny fanatanterahana ireo tetikasa fampandrosoana aratsosialy. Noraisiny ohatra tamin'izany ny andraikitry ny fanjakana momba ny fampivoarana ny tanora amin'ny alalan'ny famoronana asa ho azy ireo. Notsahiviny ny ezaka natao amin'ny fametrahana ny fahefam-panjakana tany amin'ireo faritra 23 eto amin'ny firenena. Ankoatra io, nisy ny fihaonany manokana tamin'ny filoha lefitry ny Banky Iraisampirenena misahana ny faritra Afrika Atsinanana sy Atsimo, Rtoa Victoria Kwakwa, sy ny Filoha Lefitry ny Banky Iraisam-pirenena misahana ny fampandrosoana ny maha olona, Dr Mamta Murthi. Nankasitraka manokana ny fahaiza-mitantana nasehon'ny Fitondrampanjakana tarihiny moa ny solontenan'ny Banky Iraisampirenena, indrindra ny fanafainganana ireo fanavaozana (reformes) isan-karazany eto amin'ny firenena. Naneho ny fahavononany hanohy hatrany ireo asa fampandrosoana ny Filoha Andry Rajoelina

**JUDD**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 200 - 07 - 23

Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Ballottine de poulet

**Zavatra ilaina :** nofon'akoho voatoto 500g, atody 1, vovomangahazo 3sotro, rano 6sotro, karaoty 1, haricot vert 6, thym, dipoavatra, tongolo gasy, saka-malao, sira.

**Fikarakarana azy :** Atambatra ireo fangaro rehetra afa-tsy ny karaoty sy haricot vert dia mixena miaraka. Andrahoina kely ny karaoty sy haricot vert dia tetehina lavalava. Velarina ambony film alimentaire dia araraka ny fangaro ary alahatra eo amboniny ny karaoty sy haricot vert. Ahorona dia fatorana ny sisiny roa. Fonosina lamba dia hidiana tsara tsy hisy rano ho tafiditra. Andrahoina anaty rano mangotraka mandritra ny 30minitra. Esorina dia avela hangatsiaka ary atao anaty frigo. Tetehina rehefa hihinana azy.

## Marina izany !

### Be loatra ny tandrevaka !

**Mahazo vahana ny baranahiny, io no azo amintinana ny zava-misy eto amintsika, tato anatin'ny volana maromaro izao. Asa noho ny fiafaran'ny fotoampiasan'ny mpitondra efa akaiky manakaiky ve dia samy manao izay saim-patany sy samy mitady izay mahasoa azy sy ny fianakaviany ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra ka tsy mifantoka loatra intsony amin'ny asany, sa antony hafa. Be loatra mantsy ny tandrevaka tato ho ato ary saika amin'ny lafiny rehetra mihitsy. Ny fahasalamana, ireny namoizana ain'olona telo, teny avaradrano ireny dia tranga miharihary azo anamarinana izany. Ny azo antoka mantsy dia na simba na lany daty ireo kojakoja nanamboarana ilay mofo anana ka nahafaty ireo zaza nividy azy ireny. Izany hoe goragora ny fanarahamaso ny fampidirana entana eto amintsika. Toy izany koa ny fanaraha-maso ireo hani-masaka amidy eny amoron-dalana. Ny fampianarana, mbola tsy tapitra ny resabe manodidina ny fiparitahan'ny laza adina sy ny voka-dratsy naterak'izany teo amin'ny mpianatra. Tsy naka lesona tamin'ny zava-nitranga tany aloha ny tompon'andraikitra ary dia io mitady mpampianatra hatao sorona io, mba hilazana fa mandray andraikitra. Tsy tokony hohadinoana anefa fa tsy vitan'ny hoe tsy arifomba ny fitaovana nampiasain'izy ireo fa na ny zo sy ny tombontsoa farafahakeliny tokony hananany aza tsy omena ny mpampianatra. Ny tsy fandriampahalemana, miharihary toy ny tafika andrefan-tanàna fa mandrefy ny mpitandro filaminana ny jiolahy, na eto an-drenivohitra na any ambanivohitra. Manginy fotsiny ny fisian'ny dahalo ambony latabatra miray tsikombakomba amin'ny ankamaroan'izy ireo mba ahazoana tombontsoa, eny fa na dia amoizana ain'olona aza. Santionany ihany ireo!**

**Voahangy Rakotozafy**

SG Minisiteran'ny Raharaham-bahiny

# "Tsy mora ny miketrika ny handraisan'ny diaspora anjara amin'ny fifidianana"

Raha mbola manohy ny diany any ivelany mifampidinika ny ho avin'ny firenena amin'ireo mpiray tanindrazana any ampitandranomasina ireo mpanao politika malaza ho kandida dia mandeha ihany koa ny adihevitra mikasika ny mety handraisan'ireo Malagasy mpila ravinahitra any ivelany ireo anjara amin'ny fifidianana ankehitriny. Raha tsiahivina dia nampanantena ny Filoha Andry Rajoelina raha nihaona mivantana tamin'ireo diaspora ireo, roa taona lasa izao, hoe hatao ny fomba hahafahan'izy ireo mandray anjara amin'ny fifidianana filoham-pirenena manaraka. Ny talata teo dia nilaza ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Raharahambahiny raha nanontanian'ny mpanao gazety fa tsy mora ny miketrika ny fanatanterahana izany, kanefa mitohy hatrany ny dingana ho famaliana ny hetahetan'ireo diaspora ireo."*Tsy miankina amin'ny Minisiteran'ny Raharahambahiny samirery ny fanatanterahana izany fa misy pitsopitsony tsy maintsy atao iarahana amin'ny sampandraharaha hafa, toy ny CENI. Misy ny dingana tsy maintsy arahina ao anatin'izany ary mbola mitohy ny firosoana amin'izany hatramin'androany ka ho fantatry ny rehetra eo ihany izay hiafarany. Tsy mora anefa ny manao zavatra ka ho rentsika eo ihany ny tohiny*", hoy ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny tamin'izany.

**Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# VALIHA

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy**
**Havàtsa-UPEM - Laharana 327 - 27 Jolay 2023**


*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Jacynthe*

(...)
Mitsangana 'ndeha vitao,
Ny adidy miandry anao.
Aza kivy, mirosoa,
Alao hery, mazotoa!
(...)
Ny hoavy antenaina,
Ho lasa lavitra tokoa.
'Ndao hotoherina ny laina,
Alao hery, mazotoa!

***Lova Miar'Shu***
***04-08-22***

## DISO TSY AMBINA

**Afaka atao : Azo atao**, na **afaka manao** no izy.
Tsy miaraka afa-tsy amin'ny matoantenin'ny mpanao na sehatra, izany hoe misy tovana m-, ma-, mi - ,man - , mana-, mian- ...
Oh : ***Azo atao*** *any an-trano ireto asa ireto.*
*na **Afaka manao** ireto asa ireto any an-trano (ianao).*

**Aok'izany** : **Aoka izany** no izy.
Oh : *Nahaliana **aoka izany** ny velakevitra teny amin'ny Akademia.*

**An'hetsiny : Ana hetsiny**
Oh : *Olona **ana hetsiny** no nanatrika ny zaikaben'ny tanora.*

**Solotena : Solontena** no izy.
Oh : ***Solontena*** *no nalefan'ny Tale hanatrika fivoriana.*

## MATOANDAHATSORATRA

### FIANARANA...FIALAN-TSASATRA

Dimy taona lasa izay dia hoy izahay teto amin'ny GAZETY VALIHA:

Zava-doza ho an'ny Firenena iray ny fahavakisana na fitotonganan'ny fampianarana. Vondrona telo no mandrafitra ny antsoina hoe fampianarana dia ny MPIANATRA, ny MPANABE (Mpandraharaha an-tsekoly, ny Ray aman-dReny, ny Fiarahamonina, ny Mpitondra Firenena) ary ny MPAMPIANATRA.

Ny Mpianatra mikivalavala mandritra ny andro, ora, fotoanan'ny fampianarana dia toy ny managadra ny tenany ao anatina zo sy fahafahana ; ny Mpanabe mikivilavila ao anatin'ny asa aman'andraikitra iankinany sy ankinina aminy dia toy ny manome poizina tsikelikely ny tenany sy ny manodidina azy ; ary ny Mpampianatra mikirikirina amin'ny asa ankinina aminy dia toy ny zaza mitomany mijery fitaratra ka sady mangoraka ny tenany no mangarika ny hafa.

Ny faran'ny rano Ikopa, ny faran'ny lalana any an-trano, ny faran'ny fotoam-pianarana fanadinana.Tsy hiresaka momba ny fanadinana izahay, indrindra ny zava-nampahonena nihatra tamin'ny tanora Malagasy niatrika bakalorea. Resaka tsy mbola nivalona iny ; saingy aoka ho any fa tsy mahasoa koa raha hitarina. Fa ny tianay asian-teny kely dia ny fahatongavan'ny fotoana fialan-tsasatra. Ny sabotsy izao no hamaranana ny taom-piasan'ny akademia ka lanonana amin'ny alalan'ny seho maroloko no enti-manamarika izany. Handray anjara amin'izany ny Havàtsa-UPEM. Amin'ny volana ôktôbra indray ny fidirana.

Hiatrika fialan-tsasatra ny Mpianatra sy ny fianakaviany. Samy manana izay heveriny hiatrehana izany. Ny hafatray Mpanoratra amin'ny tanora, ankizy dia izao : tsy fotoana hanadinoana ny fahaizana rehetra izay azo ny fialan-tsasatra fa fotoana fanangonana hery ho an'ny saina, vatana, fanahy hiatrehana indray ny fandraisana ny fahalalana amam-pahaizana vaovao mbola ho avy.

Ny Havàtsa-UPEM manokana dia manohy ny dia manavàtsa hatrany na dia anatin'ny fotoam-pialan-tsasatra aza. Anisan'izany ny famaranana ny fandraisana ny lahatsoratra ho an'ireo hifaninana amin'ny LOKO NIRHY-LANTO, Rindrambolana, izay amin'ny sabotsy izao no fara fandraisana ary amin'ny Alarobia 16 aogositra ny lanonana manetriketrika ho fankalazana ny faha 100 taonan'i NIRHY-LANTO sady hizaràna ny loka ho an'ireo mpifaninana hibata izany, ka hitohy mandritra ny IRAY VOLANA eny amin'ny trano sary ny fampirantiana momba ity lehilahin'ny haisoratra ity. Ny asanay, mitohy hatrany, fa na izany aza dia hirary soa izahay manao hoe : soava fialan-tsasatra e !

***Hajaina ANDRIANASOLO***

## AM-PERIMPANORATANA

### Abel Rajoro



na RAKOTOARIMANANA Soloherinjaka Joro Abel - Mpanoratra (tononkalo, angano, sombintantara, Fahendrena sy Soatoavina), Mpihira, Mpanentana ara-kolontsaina. Niditra ho Mpikambana Havàtsa-UPEM izy nanomboka ny taona 2015. Ary ankehitriny dia Filohan'ny Sampana Fianarantsoa. Manana ny mari-boninahitry ny kanto Chevalier de l'ordre des arts, des lettres et de la culture.

***1/Inona no nanosika anao hanoratra voalohany?***
Antso sy iraka ny asa soratra. Tany am-pianarana (T4) no nanombohany, nifoha tamin'ny 1998 ka nitohy hatramin'izao.

***2/Tara-kevitra tahaka ny ahoana no tena voizinao anaty asasoratra ka anisan'ny mampiavaka anao?***
Hita taratra ao ny soatoavina, ny fanabeazana, ny fiaraha-monina ary ny Tanindrazana.

***3/Inona avy ireo boky efa nivoaka?***
Ao ny Felan-tatamo Somambisamby, Ainga sy Ritsoka, Havàtsan'i Mahatsiatra niarahana tamin'ireo Mpanavàtsa Sampana Fianarantsoa, ARINTANY.

***4/Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny literatiora ankehitriny? Misy soso-kevitra ve?***
Sarotra ny toerana misy ny literatiora ankehitriny, manoloana ny firimorimon'ny toe-tsaina maika hanaraka fandrosoana. Harena nefa izany ho antsika ary mila iverenana trandrahina indray satria mitondra mankany amin'ny fahapotehan'ny Teny.
Mila ezaka avy amin'ny tsirairay sy ny isan-tokantrano. Tokony hanokana iray andro isan-kerinandro ny fampiasana ny Teny malagasy ranoray tsy mifangaro amin'ny teny hafa. Mila miala amin'ny hakamoana hikaroka voambolana. Hamafisina ny asa sy ny olona ary ny paika hamerina lanja ny teny sy ny literatiora ary ny eo anivon'ny Akademia momba ny teny.


**GAZETY VALIHA**
**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjaniaina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*
**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie
**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com


## VAOVAOM-PIKAMBANANA

***Sampana Havàtsa-UPEM Ankazomiriotra***

Lanonana tsotra nefa manan-danja ny notanterahina tao Ankazomiriotra ny folakandron'ny alahady 22 jolay 2023. Lanonana famoaham-boky no notanterahina. Poety miisa fito notarihin'i Ny Alona no mandray anjara ao amin'ny boky amboara Sombintantara sy Tononkalo milohateny hoe **LAMBANANA** io. Ny Filohan'ny Havàtsa-UPEM manontolo ANDRIANASOLO Hajaina no nanao ny teny fanolorana ny boky. Tafiditra ao anatin'ny hetsika fitsidihana Sampana rahateo izany, ka nisy solontena avy amin'ny Foibe tonga nanotrona ary teo ihany koa ny tsiry nisampanan'ny Sampana dia i Jean sy i Nicole ANDRIAMANANAIVO.



***Sampana Havàtsa-UPEM Fianarantsoa***




Ny Filohan'ny Sampana Havàtsa-UPEM Fianarantsoa Abel Rajoro no nanatanteraka hetsika famoaham-boky tetsy amin'ny tranombokim-pirenena Anosy omaly alarobia 26 jolay 2023. Boky nampitondrainy ny lohateny hoe **ARINTANY**, asasoratra amin'ny fiteny Betsileo ranoray, ahitana tononkalo, angano, soatoavina sy fahendrena Betsileo.

***Sampana Havàtsa-UPEM Soisy***

Mandalo eto an-tanindrazana i Jean ANDRIAMANANAIVO, Mpikambana Havàtsa-UPEM Sampana Soisy. Ny sabotsy 22 jolay 2023 teo dia nanao fampisehoana tao amin'ny Fiangonana Advantista Mandaniresaka Antsirabe izy sy ny Fikambanana antsoina hoe PatraKALO. Marihina fa niainga tamin'ny Lohatenin'ny boky amboaran-tononkalo nosoratany milohateny hoe PatraKALO no niaingan'io Fikambanana io. PatraKALO an-tsehatra no naseho nandritra ny fotoana. Tononkalo sy hira am-polony maro noforonin'i Jean ANDRIAMANANAIVO no naseho an-tsehatra nandritra ny ora roa mahery.

Nanokatra ny fotoana tamin'ny 2.30 ny Loholon'ny fiangonana, notohizan'i Nicole ANDRIAMANANAIVO ny teny ary nandaha-teny ho fanombohana araka izany ny Filohan'ny Havàtsa-UPEM manontolo ANDRIANASOLO Hajaina. Roso tamin'ny fandaharam-potoana avy eo tamin'ny alalan'ny hira kanto sy tononkalo mahasondriana izay narindran'i Jean ANDRIAMANANAIVO.

Ny mpikambana Havàtsa-UPEM avy amin'ny Foibe dia i Hantanoro izay Mpanolotsaina misahana ny hetsika ara-kolontsaina sy Mpikambana Havàtsa-UPEM avy any Betafo dia i Mamitiana Olivier no Mpiantsa ary nampian'i Ambinintsoa avy amin'ny tarika PatraKALO. Tonga nanotrona ireo Mpino avy amin'ny Fiangonana sy ireo havana aman-tsakaiza ary indrindra ny Mpikambana Havàtsa-UPEM Sampana Antsirabe izay tonga maro dia maro notarihin'i Serge RAKOTOSOLOFO. Teo koa ny Mpikambana tranainy tao amin'ny UPEM sy ny Mpikambana avy any amin'ny Havàtsa-UPEM Soisy efa nifindra monina ao Antsirabe.



Sary: RHA Nary (Antsirabe)

## VOAMBOLANA

**Harankana :** mpamitaka, fetsifetsy ratsy, kapotsaka.
Oh.:*Ny harankana angaha ho menatra ny hivadika amin'ny teny nataony, fa voin-tenan'izay mihaino ny safosiaka mampandry adrisany.*

**Langa :** jefy,pelika, fihetsika mampiseho tsy fahamaotinana.
Oh.:*Langa vavy raha i Raivokely iny.*

**Patrakala :** vongan-drano mitete avy amin'ny ravinkazo any anaty ala amin'ny morana andro.
Oh.:*Tsy mba ny patrakala mandena intsony izao fa efa ny oram-batravatra hanafo-drano mihitsy.*

**Fingo :** lava marotsaka, mitsoroaka.
Oh.:*vahana mihitsy ho an'ny olona sasany ny fingo vatana.*

**Ampangoro :** vary atao ritra ny fahandro azy, antsoina koa hoe vary maina.
Oh.:*Noloarana ny ampangoro, natao avo trafo teny am-bilia (natao miavoavo).*

**Safosiaka :** teny fanangolena ho famitahana.
Oh.:*Mifankaiza moa ny mpanatavy resaka sy ny mpanao safosiaka.*

***RANJATOHERY Harilala***

## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Mihina-menaka tsy mety matavy tahaka ny lahin-jiro »**

Kofehy madinika noladinina no nanaovana ny lahin-jiro. Indraindray koa anefa dia vorodamba navona fotsiny no napetraka teo ambony fanaovan-jiro, novontosana jabora ary narehitra, nijoroana tao an-trano. Lava tongotra ny fanaovan-jiro fahiny, natao tamin'ny vy. Misy tavin-jiro ahazoana mametraka ny vorodamba sy ny jabora eo an-tendrony. Manome hazavana ampy ho an'ny efitrano iray manontolo izany, ampian'ny taratra avy eny amin'ny fatana eo afovoan-trano. Fitenin'ny maro, rehefa mahita olona ho any an-tsena, ny mirary soa hoe "mahazoa mora e! Mitondrà ny matavy". Nahafaly ny Ntaolo ny niosanosana tamin'ny hena matavy.Ny fanaovana izany matetika no inoana hahabe vahana. Ny haventesam-batana no anisan'ny noheverina ho fahasoavan-dehibe sy fahalavorariam-piainana ary fiadanam-pinaritra. Mifanipa-kevitra amin'izany kosa ny voalazan'ity ohabolana ity, toejavatra mifanohitra. Rehefa mirehitra ela eo ny jiro dia mihalany ny jabora, ary maty tanteraka raha tsy ampiana. Mandina menaka eo hatrany kosa ilay lahin-jiro na dia nahafahana ihany aza, saingy lahin-jiro ve moa "hatavy" aiza! Sarinteny ihany izany, entina milaza ny sokajin'olona sasany heverina ho mianoka amin'izay ilaina rehetra eo amin'ny fiainana kanefa toa tsy mety ho vanombanona na mahavita na inona na inona loatra, fa atriatry lava eny, toa tsy lasa mankaiza akory amin'ny fivoaram-piainana. Indraindray aza dia zary mikororosy fahana mihitsy sy misaringotra. Ny toy izany no latsaka amin'ny hoe "mihina-menaka tsy mety matavy tahaka ny lahin-jiro". Olona manana ny zavatra rehetra ahafaha-mivoatra kanefa mirefarefa amin'ny tany eny ihany.

***RANJATOHERY Harilala***

## IZANY MOA ...

***NY SOATOAVINA MALAGASY EO AMIN'NY FIFANDRAISANA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA***

Araka ny hevitry ny mpandinika sasany dia "mitarika amin'ny fanivanana na fanombanana ny atao, ny politika, ny atao, ny olona, ny zava-mitranga, ny soatoavina" (Schwarts S. H., 2006, 929). Raha ampiharina amin'ny fandinika ny foto-piheveran'ny Razana ny soatoavina fototra amin'ny antsoiny ho maha olona io fomba fijery io, dia mazava fa tsy mifahatra eo amin'ny tenany samirery ihany ny filana ny fananam-panahy, fototry ny maha olona azy, fa tena miantoka indrindra ihany koa ny fomba fifandraisany amin'ny hafa eo anivon'ny fiarahamonina misy azy. Satria afaka tsy misaraka amin'ny fiarahamonina izy. Ny fihetsika na "ny fitondran-tenan'ny tsirairay eo anivon'ny fiarahamonina mantsy dia voavolan'ny fandraisany ho azy ihany koa hatrany ifotony ny fiarahamonina." (Rasolomanana D., 2005, 78). Mamaritra ny fitondran-tenan'ny olona eo anatrehan'ny fiarahamonina ny fanahy maha olona azy. Amin'ny fiheverany ny tenany manokana fotsiny aloha mantsy dia zava-dehibe ifantohany ny fitsimbinany ny ainy, fa ny aina tsy ananam-piry; ny fitandroany ny hajany, ary ny zony (Rahajarizafy A.P., 2004, 44-48). Tsy azo iadiam-barotra aminy na oviana na oviana ireo. Kanefa koa, tahaka ny mahasaro-piaro azy amin'ireo foto-javatra momba ny tenany manokana ireo no tokony hanekeny ny fananan'ny hafa izany koa, satria samy olona manan-jo aman-kasina. Ny fahatakarana sy ny fanaovan'ny tsirairay izay fiatrana izay ho zava-dehibe eo amin'ny fifandraisana eo anivon'ny fiarahamonina no endrika iray mampiseho ny lanjan'ny fananam-panahy. Mitarika amin'ny fiheverana ny hafa koa mantsy izany foto-pisainana izany. Teraka avy amin'izany ny atao hoe fandalam-pihavanana. Tsy ny fifamatorana ateraky ny ra iraisana miainga amin'ny fiankohonana ihany akory no tiana hambara amin'izany, izay mitatra, mazava loatra, amin'ny fianakaviambe, fa mivelatra sy mipaka amin'ny mpiray vodirindrina sy ny mpiara-monina, na ny mpiray foko sy ny mpiray firenena mihitsy. Ny fahatsiarovana ny firaisana sy ny fiombonana amin'ny lafin-javatra maro samihafa sy amin'ny toejava-mitranga isan-karazany eo amin'ny fiainana andavanandro no tena niainan'ny Razana izany, na tamin'ny an-kafaliana, na indrindra indrindra tamin'ny an-karatsiana.

Ny fananam-panahy asehon'ny tsirairay amin'ny fahaiza-manaja – izany hoe ny fahalalana tsara ny toerana misy ny tena sy fametrahana ny hafa amin'ny tandrify ny hasina ananany, amin'ny fahaiza-mitandrina ny teny sy ny fihetsika ary ny atao tsy hanohintohina, amin'ny fahaiza-mifandefitra, amin'ny fahaiza-mifampihantahanta amin'ny tsy fanaovana soa am-po sy mamy hanina an-tanana fa mahavimbina ny voasarin'i Namehana, amin'ny fifamangivangiana tsy hanaovana ny mandalo tanà-misy havana, sns...ireny rehetra ireny dia natao hampandompando ny fihavanana avokoa.

Nisy fetrany ihany anefa izany fihetsika amam-panao teo amin'ny fifandraisana amin'ny hafa izany. Tsy handefi-dava akory, fa ny manaiky lempona hiangonan'ny rihitra; na izany aza, mody heloka ny rariny itompoana. Tsy hanao diso hanta akory ka hitatatra ho an-dRainilaizafy fotsiny, fa ny zakan'ny tanana sy ny eran'ny vava no atolotra, tsy ho hanin-kahavoky fa mba tsy fijerena voamason-jaza. Na marin-doatra ihany koa aza ny hoe ny mahavangivangy tian-kavana, dia mametra izany tsy simban'ny fifanaovana vary lena ny hoe ny havan-tiana tsy iaraha-monina. Izany fomba aman-toetra tsy mihenjan-doatra kanefa tsy migoragora eo amin'ny fifandraisana izany no endriky ny fikatsahan'ny Razana ny "antonony na ny fahalalana ny mety. Fa inona tokoa moa no ireritreretany sy andanjalanjany ny ataony rehetra, raha tsy ny hahalalany izay mifanaraka amin'ny toejavatra sy ny toetr'olona? [...] Izany no abidian'ny fahendrena." (Rahajarizafy A.P., 2004, 43). Izay no mariky ny maha olona manam-panahy eo amin'ny fifandraisana amin'ny hafa eo anivon'ny fiarahamonina. Noho izany, nokenankenaina fatratra ny fihavanana.

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***
*(hitohy)*